


**SARY LEHIBE KOKOA ETO**

Mahavariana mihitsy ireto mpilaza sy mpampiely vaovao vazaha fa raha hitady ao amin’ny Google tsotra ianao dia tsy hahita ity manaraka ity mihitsy. Hatramin’ny omaly aloha. Tsy misy miresaka. Ary zaran’ny sasany eto Madagasikara amin’izay no « mamely fantsy » fa tena *« tsy izy io Filoha Andry Rajoelina io fa mpanao bizna fotsiny ihany »*. Tandremo ny vava sy ny soratra fa ny hamerina azy ireo no hanahirana ho an’izay niteny sy nanoratra azy aorina ao... Ity lahatsoratra ity tsy natao « hiborosy » an’iza n’iza fa kosa mamela ny hafa iresaka mikasika ity CVO ity, izay toa mampirediredy ny sasany tsy aninona tsy aninona fa lany andro manaratsy mpiray tanindrazana isaky ny mihiratra ny masoandro (izay tsy ho hita intsony nefa rehefa injay maty, ary tsy maintsy ho faty). Ny marina dia dikan-tenin’ilay lahatsoratra nosoratan’ilay mpanao gazety Malick Mahamat amin’ny teny frantsay, ao amin’ny gazety *«Al Wihda»* ao Tchad, ity manaraka ity.


Une chambre de l'hôpital de Farcha à N'Djamena. © Alwihda Info
TCHAD
Tchad : 34 personnes guéries grâce au Covid-Organics, "sans effets négatifs"
Alwihda Info | Par Malick Mahamat - 4 Juin 2020

Ny lohateny nomeny azy moa dia : *« Tchad : 34 personnes guéries grâce au Covid-Organics, «sans effets négatifs» »*. Izany hoe : olona miisa 34 no sitran’ny Covid-Organics ary tsy nisy na nahitana fiantraikany hafa ratsy -na mifanohitra aminy-mihitsy (*« effets négatifs »*). Fa ity ny dikan-ten’ilay lahatsoratra manontolo, amin’ny teny malagasy :

Nanambara ny minisitry ny Fahasalamam-bahoaka, Pr Mahamoud Youssouf Khayal, tao amin'ny Antenimierampirenena, ny 4 Jona 2020 tao amin'ny Lapan'ny Demokrasia, fa ilay Tambavy malagasy Covid-Organics (CVO) dia nomena marary sasany tratrin'ilay coronavirus ary tsy nisy fiantraikany ratsy hafa mihitsy. Hoy Andriamatoa minisitra : « *Nomenay Covid-Organics ireo marary tsy mahazaka chloroquine. Niatsara ny toe-pahasalaman'izy ireo ary tsy nisy fiantraikany ratsy na iray aza. Misy ireo marary mihoatra ny 60 taona nomena safidy : na chloroquine na Covid-Organics ihany* »

.





**Feon'ny Pr Mahamoud Youssouf Khayal ETO**

Ary nanohy ny Pr Mahamoud Youssouf Khayal fa *«nisy marary miisa 34 no voalazan'ny mpitsabo nampiasa ny CVO sy antibiotiques 100% («cliniciens») fa sitrana. Marina fa mbola karazana andrana no natao fa tena manasitrana ny CVO ary tsy misy fiantraikany ratsy hatreto. Fa mbola mila miandry kely isika izay vao tena afaka milaza sy manambara fa azo antoka 100% ny CVO. Izay lafin-javatra izay no eritreretin'ny Filan-kevitra ara-siantifika («Conseil scientifique») amin'izao fotoana izao»* .

Dia nanambara koa izy fa nisotro ilay CVO natao fiarovana (*«préventif»*). *«Mora atelina ilay izy, ary miandry isika»* , hoy izy. Raha mikasika ilay CVO atao fitsaboana ( *«curatif»* ) indray dia namerina izy, araka ny voalazan'ireo mpitsabo mampiasa azy fa tena mahasitrana ilay izy : «

*le curatif a été reconnu par nos amis cliniciens : ça soigne»*
*. Ary nampitainy tamin’ny solombavambahoaka ao Tchad ny fangatahin’ireo mpitsabo ireo mba anafatra CVO avy aty Madagasikara. Izany hoe CVO 10.000*
*«préventifs»*
*sy CVO 10.000*
*«curatifs»*
*. Toa efa nanaiky ny ao amin’ny Antenimierampirenena ao Tchad ary*
*« tsy ho ela, dia ho azontsika ireo »*
*, hoy*
ny Pr Mahamoud Youssouf Khayal, tao anatina vidéo iray mirakitra ireo fanambarany rehetra ireo, amin’ny teny frantsay, nitontosain’i Tchad Info.




Raha tsiahivina, nanomboka ny 19 marsa 2020, dia izao no isan’ny olona tratry ny coronavirus mitondra ny covid-19 ao Tchad : 820 ka 214 amin’ireo no vehivavy ; 590 no sitrana amin’ireo raha 66 no maty. Marihina fa 16 tapitrisa mahery ny mponina ao Tchad izay mirefy 1.284.000 km² raha 26 tapitrisa kosa ny mponina eto Madagasikara izay mirefy 588.000 km². Fehin’ity lahatsoratra ity ? Tokony hirehareha ny tsirairay fa Malagasy, indrindra eo ankatok’izao fankalazana ny 60 taonan’ny niverenan’ny Fahaleovantena izao. Mbola ho avy koa ny akom-baovao avy amin’ireo firenena ao Afrika tonga tao Ivato naka ny anjarany. Fa aza manantena loatra hoe ny France24 na Rfi no hamoaka izany voalohany…


COVID-19 : Trois scientifiques qui avaient poussé l'OMS à suspendre l'utilisation de l'Hydroxy-chloroquine se sont rétractés et s'excusent car les données ont été fabriquées
Opera News | 05.06.2020
Hydroxychloroquine Sulfate Tablets, USP
200 mg
500 TABLETS
«Nous ne pouvons plus nous porter garant de la véracité des sources des données primaires», écrivent les trois auteurs au Lancet, mettant en cause le refus du quatrième, patron de la société les ayant collectées, de donner accès à la base de données.

[illegible]


COORDONNÉ PAR
MIKKEL BORCH-JACOBSEN
BIG
PHARMA
UNE INDUSTRIE TOUTE-PUISSANTE
QUI JOUE AVEC NOTRE SANTÉ
LES ARÈNES

[illegible]


Top 20
Big Pharma
Full-Time Employees (FTE): 1,406,298
Total Office Documents 7,755,596,222
Office Document Costs $ 4,425,067,158
194,643 Office Machines Deployed
930,672 Trees Used for Office Paper
Roche
Pfizer
NOVARTIS
SANOFI
BAYER
gsk
MERCK
Abbott
abbvie
GILEAD
Lilly
AMGEN
AstraZeneca
teva
novo nordisk

[illegible]